FANGATAHANA TARATASY FANAMARINANA NY FIZAKANA NY ZOM-PIRENENA MALAGASY
(CERTIFICAT DE NATIONALITÉ MALAGASY)

Andriamatoa/Ramatoa FILOHAN'NY FITSARANA
AMBARATONGA VOALOHANY
............................................

Antony: Fangatahana taratasy fanamarinana ny fizakana ny zom-pirenena Malagasy

Tompoko,

Voninahitra ho ahy voalaza anarana etsy ambany ny manao izao fangatahana izao mba hanomezana ahy ny taratasy fanamarinana ny fizakana ny zom-pirenena malagasy miisa ....... ;

Toy izao manaraka izao ny mombamomba ahy :

Anarana:

Fanampiny:

Teraka tamin'ny :

Tao

Zanak'i :

Sy i:

Fonenana:

Asa:

Mpitovy / Manambady/Misara-bady/Maty vady

Raiso Andriamatoa/Ramatoa FILOHA ny haja ambony atolotro ho anao.

Ny mpangataka

TSY AZO AMIDY

**MINISTERAN'NY FITSARANA**

----------

---------------

**FOIBEM-PITONDRANA MISAHANA NY FANDINIHANA SY NY FANAVAOZANA LALANA**

------------

**SAMPAN-DRAHARAHA FANAPARIAHANA LALANA**

-------------

# TARATASY FANAMARINANA NY FIZAKANA NY ZOM-PIRENENA MALAGASY

## (CERTIFICAT DE NATIONALITE MALAGASY)

### LALANA MIFEHY

Didy hitsivolana laharana faha 60-064 tamin'ny 22 Jolay 1960 novaina sy nofenoin'ny lalàna laharana faha 61-052 tamin'ny 13 desambra 1961, sy ny lalàna laharana faha 62-005 tamin'ny 6 jona 1962, sy ny didy hitsivolana laharana faha 73-049 tamin'ny 27 Aogositra 1973, *sy* ny lalàna laharana faha 95-021 tamin'ny 18 septambra 1995 *ary ny lalàna laharana faha 2016-038 tamin'ny 25 janoary 2017* mikasika ny fehezan-dalàna momba ny fizakana ny zom-pirenena Malagasy.

## IZA NO ATAO HOE MALAGASY?

-Ny zaza nateraky ny ray sy/ na reny Malagasy.
-Ny zaza izay teraka teto Madagasikara, tsy fantatra ny ray aman-dreniny kanefa azo heverina fa ny iray amin'izy ireo dia Malagasy mandra-pisian'ny porofo mifanohitra amin'izany.
-Ny zaza hita teto Madagasikara izay heverina fa teraka teto mandra-pisian'ny porofo mifanohitra amin'izany.

## INONA NO ANTSOINA HOE "CERTIFICAT DE NATIONALITE MALAGASY"?

Taratasy manamarina fa mizaka ny zom-pirenena Malagasy ny olona iray.

## IZA NO AFAKA MANOME NY "CERTIFICAT DE NATIONALITE MALAGASY"?

Ny Filohan'ny Fitsarana ambaratonga voalohany irery ihany no afaka manome azy

## PAIK'ADY ARAHINA

- Manao fangatahana ilay olona mangataka "certificat de nationalité" izay alefa any amin'ny Filohan'ny Fitsarana Ambaratonga voalohany misy ny toerana ipetrahany.
- Aterina ao amin'ny biraon'ny Sekretera manokan'ny filohan'ny Fitsarana Ambaratonga voalohany ny fangatahana ary ampiarahina amin'izany ny antotan-taratasy ilaina sy ny porofo rehetra.

## INONA AVY IREO ANTONTAN-TARATASY AMPIARAHANA AMIN'NY FANGATAHANA ?

- Kopian'ny sora-pahaterahan'ny mpangataka
- Kopian'ny bokim-pianakavian'ny Ray aman- drenin'ny mpangataka (tsara raha vita fanamarinana tany amin'ny firaisana) na sora-panambadian'ny Ray aman-drenin'ny mpangataka
- Taratasy fanamarinam-ponenan'ilay mpangataka

## MISY SARANY VE NY FANAOVANA AN'IZANY?

Misy sarany roa arivo Ariary (2000Ar) ny fangatahana.

*Marihina fa tsy mandeha fotoam-pitsarana (audience) ny fangatahana «Certificat de Nationalité Malagasy» fa rehefa ampy tsara ny porofo rehetra manamarina fa mizaka ny zom-pirenena Malagasy ilay olona izay mangataka dia efa afaka manome izany ny Filohan'ny Fitsarana Ambaratonga voalohany.*